

Ny Toe-tsaina Fiankohofana

Aoka isika hatahotra fandrao tsy hiala sasatra ao amin'i Kristy.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Afaka mandinika ireo fanontaniana ireo isika rehefa misaintsaina an’io antso mba hiditra ao amin’ny fitsaharan’Andriamanitra io: Mampiasa tsara ny fotoantsika ve isika? Tena fantatsika tokoa ve ny atao hoe mitsahatra? Moa ve isika mahavita mifehy tena mba tsy hanao zavatra — na dia ara-tsaina aza? Afaka mandry ve isika ka tsy mieritreritra izay tokony hataontsika?

Ny toetra no imasoan'Andriamanitra noho ny zava-bita. Ny zava-bita dia manan-danja amin'ny sehatry ny fotoana ihany, fa ny toetra dia mandrakizay. Izany no mamaritra ny ho toetsika mandritra ny mandrakizay.

Nahazo fahitana momba ny lanitra niaraka tamin'ny zava-boary be voninahitra sy ny seza fiandrianan'i Jehovah i Isaia (jereo Isaia 6). Ny fanompoana tany an-danitra dia notarihin’ny zava-boary antsoina hoe serafim (Hebreo,seraph)), teny mifandray mivantana amin’ny teny hoe afo. Ireo dia zava-boary mirehitra eo akaikin’ny seza fiandrianan’Andriamanitra, ary miantso mafy andro aman’alina hoe:

> “Masina, masina, masina Jehovah” (Isaia 6:3)

Samy nanana elatra enina izy ireo, izay nampiasainy tsara. Tamin’ny elatra roa, no nanaronan’izy ireo ny tavany,tamin’ny elatra roa hafa, nanaron’izy ireo ny tongony; ary, tamin’ny elatra roa, dia nanidinany (jereo ny andininy 2). Adikako ho toy ny fanetren-tena amin'ny fanompoana ny fanaromana ny tava sy ny tongotra, ataoko ho asa fanompoana ny fisidinana.

Mino ny maha-zava-dehibe ny fisaorana an’Andriamanitra sy ny fiderana Azy mafy aho — na ny fandihizana, ny fitehafana, ary ny fihirana aza. Saingy tonga ny fotoana hametrahako ny “elatro” eo ambonin’ny tavako sy ny tongotro amin’ny fanompoana amim-panetren-tena sy hihaino ho mahare izay lazain’Andriamanitra.

> “Enga anie ka hohenoinareo anio ny feony manao hoe: Aza manamafy ny fonareo” (Salamo 95:7–8)

© 2008 - Dries Du Plessis

Mampivelarà toe-tsaim-pivavahana ary mianara miala sasatra. Tsarovy, fa ny Fanahin'ny Tompo dia mitady karazana olona iray — izay manana fo tanteraka amin'Andriamanitra. Aoka ianao ho olon'izany toetra izany, dia haneho tanjaka ho anao Andriamanitra Tenany.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-282-MLG
Nohavaozina farany: 16 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

